LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA JANVIER 2022 N° 017

MBOLA MANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO VE NY FIANGONANA?

ISAIA 60.1-6 / EFE 3.2-6 / MAT 2.1-12

PERIKOPA EPIFANIA

ISAIA 60.1-6

1 Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. 2 Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny. 3 Ary ny firenena manatona ny fahazavanao, ary ny mpanjaka mankeo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao. 4 Atopazy manodidina ny masonao ka jereo! Izy rehetra dia mivory ka mankaty aminao; Ny zanakao-lahy dia avy lavitra, ny zanakao-vavy dia sakelehina. 5 Ary hahita izany ianao ka ho miramirana, dia hiemponempona sady hohalehibiazina ny fonao; fa ho entina ho anao ny haren'ny ranomasina, ary hafindra ho anao ny fananan'ny firenena. 6 Ho feno ny rameva betsaka ao aminao, dia ny rameva tanora avy any Midiana sy Efaha, samy avy any Sheba izy rehetra; volamena sy ditin-kazo mani-pofona no ho entiny, ary ny fiderana an'i Jehovah no teny mahafaly hambarany.

EFE 3.2-6

2 raha mba renareo ny fitondrana ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo, 3 fa fanambarana no nampahafantarana ahy ny zava-niafina, araka ny voasoratro tamin'ny teny fohifohy teo. 4 Ary araka izany, raha mamaky ianareo, dia ho hainareo fantarina ny fahafantarako ny zava-niafina ny amin'i Kristy, 5 izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak'olombelona tamin'ny taranaka lasa tahaka ny fanambaran'ny Fanahy ankehitriny amin'ny Apostoly masina sy ny mpaminany, 6 dia ny ahatongavan'ny jentilisa ho mpiray lova sy ho tena

TAOM-BAOVAO SY EPIFANIA

Ho amintsika rehetra anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompontsika. Alahady voalohany amin'ny taona anio ry havana ary Alahadin'ny Epifania. Koa dia miarahaba antsika nahatratra ny taona vaovao 2022.

Maniry ny soa sy ny tsara rehetra avy amin'Andriamanitra ho antsika tsirairay avy.

Ary araka ny lohahevitr'ireo Perikopantsika anio dia ho fahazavan'i Kristy anie isika amin'izao vanim-potoana hanjakan'ny maizina eto amin'ny tany sy ny fanjakana izao.

Ary ho fiainantsika anie izay lazain'ny Isaia mpaminany eto hoe: **"Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao. 2Fa, indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny".**

Antso ho amin'ny asa misiona izany teny izany: **Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao.**

MITSANGANA MIHAZAVA

Antsoina isika hitondra ny fahazavan'i Kristy eto amin'izao tontolo izao. Izany koa no antson'ny Efes 3.2-6 mbola isan'ny teny anjarantsika anio. Hoy ny Apostoly Paoly eo amin'ny and 4-6: **" Ary araka izany, raha mamaky ianareo, dia ho hainareo fantarina ny fahafantarako ny zava-niafina ny amin'i Kristy, 5 izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak'olombelona tamin'ny taranaka lasa tahaka ny fanambaran'ny Fanahy ankehitriny amin'ny Apostoly masina sy ny mpaminany, 6 dia ny ahatongavan'ny jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny filazantsara".**

Lazain'i Paoly eto izany zava-miafina izany dia ny ahatongavan'ny jentilisa ho mpiray lova sy ho tena iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny Filazantsara.

Ahoana no ahatanteraka izany? Ny fitoriana ny fahazavan'i Krsity sy ny handraisan'i Jentilisa izany.

Izany no ataon'ny Magy eto, tonga manatona ny fahazavan'i Kristy. Ary na dia lazaina fa mpanjaka aza izy ireo tany amin'ny tany nisy azy dia niankohoka teo anatrehan'i Jesosy satria nahita fahazavana lehibe lavitra noho izay efa hitany hatramin'izay.

TOHINY PEJY 2

iray ary ho mpiombona ny teny fikasana ao amin'i Kristy Jesosy noho ny filazantsara,

MAT 2.1-12

Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an'i Jodia, tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, indreo, nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe: 2 Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany. 3 Ary nony nandre izany Heroda mpanjaka, dia nangorohoro izy mbamin'i Jerosalema rehetra. 4 Dia namory ny lohan'ny mpisorona rehetra sy ny mpanora-dalàna tamin'ny vahoaka izy ka nanontany ary hoe: Aiza mba no hahaterahan'i Kristy? 5 Ary hoy ireo taminy: Ao Betlehema an'i Jodia; fa izao no voasoratry ny mpaminany: 6 Ary ianao, ry Betlehema, tanin'ny Joda, tsy dia kely indrindra ao amin'ny andrianan'ny Joda ianao tsy akory; Fa avy ao aminao no hivoahan'izay anankiray ho Mpanapaka, Ka Izy no ho Mpiandry ny Isiraely oloko (Mik. 5.1). 7 Dia nampaka ny Magy mangingina Heroda ka namototra fatratra taminy izay andro nisehoan'ilay kintana. 8 Dia naniraka azy hankany Betlehema izy ka nanao hoe: Andeha, fotory tsara ny amin'ilay Zazakely; koa rehefa hitanareo Izy, dia ambarao amiko, mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany. 9 Ary rehefa nandre ny tenin'ny mpanjaka izy ireo, dia lasa; ary, indro, ilay kintana hitany teny atsinanana nialoha azy mandra-pijanony teo ambonin'izay nitoeran'ny Zazakely. 10 Ary nony nahita ny kintana izy, dia nifaly indrindra. 11 Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora. 12 Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy tsy hiverina any amin'i Heroda, dia lalana hafa no nalehany nody ho any amin'ny fonenany.

MBOLA MANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO VE NY FIANGONANA?

NY FIANGONANA KINTANA MANAZAVA

Noho izany dia tsy ny tsirairay ihany no antsoina ho amin'ny asa misiona eto na ny fiangonana manontolo.

Inona no azo hilazana ny fiangonana araka ny perikopantsika eto ?

Isika Fiangonana, ianao mino dia toy ilay kintana narahin'ny magy ka nahatonga azy teo amin'i Jesosy. Isika no hitondra ny mazava eo amin'ny manodidina antsika.

Misaotra an'Andriamanitra ry havana fa raisin'i Jesosy koa io sary io ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy. Hoy ny ao amin'ny toko 1.16 sy 19: **"Ary nitana kintana fito teny an-tànany ankavanana Izy; ary nisy sabatra maranitra roa lela nivoaka avy teo am-bavany; ary ny tarehiny dia tahaka ny masoandro mamirapiratra amin'ny heriny. ..... 19 Koa soraty izay zavatra efa hitanao, na izay zavatra ankehitriny, na izay zavatra mbola ho avy rahatrizay, 20 dia ny zava-miafina ny amin'ny kintana fito izay efa hitanao teny an-tanako ankavanana sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia ny anjelin'ny fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito dia fiangonana"**

Izaho sy ianao no Kintana, ny Fiangonana no Kintana eny an-tanan'ankavanan'ny Tompo. Ilay narahan'ny Magy efa tsy hita intsony fa isika indray izao.

MANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO VE NY FIANGONANA?

Ny fanontaniana mipetraka dia izao: mbola manazava izao tontolo izao ve ny Fiangonana? Ny sary na ny fahoharana mikasika ny kintana ihany no andeha ho raisina. Misy karazany roa ny kintana hitantsika eny amin'ny rahon'ny lanitra ireny ry havana.

- Misy ny kintana mbola velona tsara. Ary manazava tsara sy mitohy satria misy hafanana lehibe ao anatiny.
- Misy kosa kintana efa maty satria efa nipoaka ka lasa lavaka mainty. Tsy manome hazavana intsony. Antsoin'ny manam-pahaizana hoe Supernova ireny.

KINTANA VELONA SY KINTANA MATY

Raha jerena akaiky ny fiainan'ireo Fiangonana fito tany Asia dia hita ao ny fiangoana toy ny kintana mbola feno hafanana ny ao anatiny ary ao koa ny fiangonana izay efa mitady ho lasa Supernova.

Mbola mafana tsara ohatra ny Fiangonana ao Smyrna ao amin'ny Apok 2.8-10 ka ho ny Tompo:

"Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Smyrna: Izao no lazain'ny Voalohany sy ny Farany, Izay efa maty, nefa velona indray: 9 Fantatro ny fahorianao sy ny fahantranao (nefa manan-karena ianao), ary ny fitenenan-dratsy ataon'izay milaza ny tenany ho Jiosy, kanjo tsy izy, fa synagogan'i Satana. 10 Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra ianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana ianao, dia homeko anao ny satro-boninahitra fiainana"

Toy izany koa ny Fiangoanan'ny Filadefia, hoy ny Tompo ao amin'ny toko faha 3.8: **"Fantatro ny asanao (indro, efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy), fa manana hery kely ihany ianao ka nitandrina ny teniko ary tsy mba nandà ny anarako."**

Ireo fiangonana dimy hafa kosa ry havana dia efa mitady ho lasa Supernova na efa izany mihitsy. Ao ireo efa very ny fitiavana voalohany, ao ny tsy mangatsiaka na mafana fa efa matimaty. Ao **TOHINY PEJY 3**

MBOLA MANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO VE NY FIANGONANA?

(Tohiny)

izay efa maty, efa lasa Supernova toy ny Sardisy. Izao no voalaza ao took faha 3.1:

"Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Sardisy: Izao no lazain'ilay manana ny Fanahy fiton'Andriamanitra sy ny kintana fito: Fantatro ny asanao, fa manana anarana ho velona ianao, kanjo maty ihany. 2Miambena, ka aoreno tsara ny zavatra sisa izay saiky maty; fa tsy nisy hitako tanteraka ny asanao eo anatrehan'Andriamanitro.

MBOLA MIANDRY ANTSIKA NY TOMPO

Ny mahafaly sy mahavelom-panantenana ry havana dia izao. Tsy mbola nisy nesorin'ny Tompo teny an-tanany ireo fiangonana fito ireo. Fa na izay heverina ho ratsy indrindra aza dia mbola antsony eto: 3.3 Dia tsarovy ny amin'ny nandraisanao sy ny nandrenesanao, ary tano mafy, ka mibebaha. Koa raha tsy hiambina ianao, dia ho tonga toy ny fihavin'ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hihaviako aminao".

Izany no hafatry ny Epifania ho antsika ry havana meteza ho fahazavan'i Kristy na aiza na aiza misy anao. Ary matokia Azy fa ataony mpandresy izay rehetra miaraka aminy.

Koa "Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao.

Ho taom-pandresena ho antsika anie ity taona 2022 ity ary hitohy ny mampahazava antsika ho voninahitry ny Tompo.

Dr Seth RASOLONDRAIBE

FANENTANANA MOMBA NY « FORMATION PERMANENTE »

« Koa ianao, anaka, dia aoka hihahery amin'ny alalan'ny fahasoavana ananantsika tafaray amin'i Kristy Jesoa. Ireo zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia ankino amin'ny olona mahatoky, izay afaka mampianatra ny sasany koa. » (2 Timoty 2.1-2)

Faly miarahaba anareo tratry ny taona vaovao ry havana !

Hevidehibe anankiroa no azo raisina amin'izao teny fanevan'ny « formation permanente » izao, dia ny fiheveran'ny fiangonana hatrany izay ho mpiara-miasa na ho mpandimbin'ny Mpitandrina (collègue et relève pastoral), sy ny fitanana tsara ny fampianarana mifanaraka amin'ny Soratra Masina.

Saropiaro amin'ny fiandrasana ny vahoakan'Andriamanitra tokoa ny Fiangonana ka mijery (esprit de discernement, 1 Timothée 3.10) sy manofana « olona mahatoky » izay hahay mampianatra sy manomana ny hafa ho tahak'azy.

Koa dia mitohy hatrany ny fanofanana ny mpanompon'Andriamanitra izay matsiaro ny antso ho Mpitoriteny sy ho Mpiandry, ary ny ho katekista eto amin'ny FPMA. Toy izao àry ny fandaminana mikasika izany amin'ny taona vaovao :

■ Izay rehetra maniry hiofana dia tsy maintsy mihaona amin'ny Mpitandrina eo aminy mba hanaovana ny dinika mialohan'ny firotsahana (entretien pastoral).

20 andro mialohan'ny fanombohan'ny fianarana no hanaovana izany. Afaka manaraka ny fampianarana izy rehefa avy nanaovan'ny Mpitandrina ny taratasy fanolorana azy mba hanaovany ny « formation permanente »

■ Misy ivo-toerana 7 afaka hanarahana ny fiofanana. Miampy ireo faritany 6 dia ny Nosy La Réunion. Manana ny fandaminany avy araka izany ny ivo-toerana tsirairay. Fa ny fampianarana kosa dia misy ny fandrindrana nasionaly.

Ho an'ireo izay efa nahavita taona roa teo aloha dia afaka manatevina izay efa nandrantoany amin'ny fanarahana ny fiofanana izy.

Miaraka havoaka amin' ireo nahavita katekista izy ireo amin'ny fotoana mety hanaovan'ny fiangonana izany.

Mahereza indrindra amin'ny herin'ny faherezan'i Tompo ry havana.

Ho tanteraka aminareo sy ny Fiangonana anie ny tenin'i Tompo amin'izao fiandohàn'ny taona vaovao izao :

« Mitsangàna, mamirapirata, satria tonga ny famirapiratanao: ny voninahitry ny TOMPO no manazava anao » (Isaia 60.1)

Mpitandrina, Jean Teddy RAMAHERIJAONA

TAOM-BAOVAO 2022

EPIFANIA

Alahady 2 Janoary 2022

"1Mitsangàna, ry Jerosalema ô, mamirapirata, satria tonga ny famirapiratanao: ny voninahitry ny TOMPO no manazava anao toy ny masoandro miposaka. 2 Ny haizim-pito manarona ny tany, ary ny alina mandrakotra ireo firenena; fa ianao kosa no iposahan'ny TOMPO sady isehoan'ny voninahiny ".

Fanamarihana: Fandaharana iombonana izy ity ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra eto amin'ny FPMA. Afaka manampy hira araka izay ilainy avy ny Mpitarika raha ilaina

FEON'ORGA

Mpitarika : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

Fiangonana : Amen

ANTOKO MPIHIRA

FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA

Mpitarika : Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesoa Kristy Tompo !

Misaotra an'Andriamanitra isika ry havana fa mbola nomeny tombon-taona indray ary tanteraka amintsika ny tenin'ny Soratra Masina ao amin'ny Lioka 13.8 manao hoe: «Avelao ihany re izy, tompoko, amin'ity taona ity, fa hohadiko ny manodidina azy ary hasiako zezika; 9 angamba hamoa ihany izy amin'ny taona ho avy, fa hampikapainao raha tsy izany.»Mba ho taona hamohazantsika be ho an'ny Tompo anie ity taona 2022 ity. Ary samy hanana fiainana mandrakizay anie isika araka ny ao amin'ny Jaona 17.3 manao hoe: "**Ary izao no aina maharitra mandrakizay: dia ny mahalala Anao hany Andriamanitra tokana sady marina sy ny mahalala an'i Jesoa Kristy Ilay nirahinao**."
Aoka hiara-mitsangana isika hiantso ny anaran'ny Tompol

FIANTSOANA (Salamo 72.1-7)

Andriamanitra ô, omeo ny mpanjaka izany fahaizanao mitsara; omeo ity taranak'andriana izany fitandroanao ny rariny. 2 Aoka ho entiny ara-drariny sy hitsiny ireo malahelonao, dia ny vahoakanao. 3 Koa fanambinana sy rariny ho an'ny vahoaka anie no hovokarin'ny tendrombohitra sy ny havoana! 4 Homeny rariny sy hovonjeny anie ny malahelo sy ny mahantra amin'ny vahoaka, fa ny mpamoritra kosa hopotehiny! 5 Enga anie ity mpanjaka ity sy ireo taranany haharitra mandritra ny taona mifandimby, raha mbola hamiratra koa ny masoandro ary mbola hanazava koa izany volana! 6 Aoka izy ho tahaka ny erika mifafy amin'ny vilona, ho tahaka ny oram-baventy manondraka ny tany! 7 Amin'ny androny anie dia hamony ny rariny ary hiroborobo mandavantaona ny fiadanana!

Hira : 2 ("Misaora an'i Zanahary")

VAVAKA FIHAONANA

SITRAPON'ANDRIAMANITRA

11 Aza miombona amin'ny asa tsy mahavoka-tsoa ataon'ireo olona ao anatin'ny haizina, fa aleo aseho ny tena toetr'ireny asa ireny; 12 (satria mahamenatra na dia ny hilaza izay ataon-dry zareo ao amin'ny miafina aza). 13 Fa rehefa asehon'ny fahazavana kosa ny tena toetry ny zavatra rehetra, dia hiharihary avokoa; 14 eny, izay rehetra miharihary dia tonga mazava. Izany no ilazana hoe:

«Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangàna ho velona avy any amin'ny maty,dia hampahazava anao i Kristy.» (Efe 5.11-14)

FIAIKEN-KELOKA

Mpitarika : (Vavaka)

Fiangonana :

« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »

Hira : Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !
Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !
Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA

Mpitarika : (Teny famelan-keloka)

1 Ampaherezo, ampaherezo ny vahoakako, hoy ilay Andriamanitrareo. 2 Omeo toky izy ka antsoantsoy aminy fa tapitra ny asa an-terivozona sady vita ny sazy nahatra taminy; ary efa nandray indroa heny tamin'ny tanan'ny TOMPO izy ho avotry ny fahotana rehetra nataony.» (Isa 40.1-2)

8 Fa i Kristy kosa maty hamonjy antsika, fony isika mbola mpanota: n a h a r i h a r i n ' A n d r i a m a n i t r a tamin'izany ny fitiavany antsika. (Rom 5.8)

Koa matokia fa voavela ny helokareo noho ny anaran'ny Tompo ! Haleloia ! Miderà an'Andriamanitra !

Fiangonana : AMEN

FANKALAZANA

Mpitarika :Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

Fiangonana : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

Hira : 487, and. 1 sy 2
("Fanavaozana izay mahagaga tokoa")

FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Hira : 474, and. 1 sy 2 ("Jesosy ô, Hianao no faleha")

TAOM-BAOVAO 2022

EPIFANIA

Alahady 2 Janoary 2022

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo

Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao

Mpitarika : Vavaka noho ny Teny

TESTAMENTA TALOHA :Isa. 60. 1 -6

EPISTILY : Efe. 32 - 6

FILAZANTSARA : Mat. 21 - 12

Fiangonana : Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

FANEKEM-PINOANA

Hira : 40 ("Tonga ny fahazavan'i Ziona")

TORITENY

FEON'ORGA

FILAZAN-DRAHARAHA

RAKITRA

Hira : 746, 317, 461

Hira fanolorana :
Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao. Amena.

FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO

Hira : 742 , and. 1 sy 4 ("Zanahary no mahela 'zay fe-taona iainanay")

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

Fiangonana : Ho aminao anie ny Tompo !

Ary ho aminao koa

SURSUM CORDA (Mitsangana)

Mpitarika : Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

Fiangonana : Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

Mpitarika : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

Fiangonana : Mendrika ho deraina Izy

PRÉFACE (Mitsangana)

Mpitarika : Eny tokoa Tompo o, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

Hira : Antema 1 (Sanctus)

Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

VAVAKA : (Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse) (Mipetraka)

Mpitarika : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

Fiangonana : Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

Mpitarika : Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

Fiangonana : Amena, avia Jesoa Tompo !

Mpitarika : Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

Fiangonana : Amena, avia Fanahy Masina !

Mpitarika : Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Fiangonana : AMENA !

TENY FANORENANA SY FANAMASINANA (Mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa Nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy :

« Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy :

« Misotroa amin'ity hianareo

TAOM-BAOVAO 2022

EPIFANIA

Alahady 2 Janoary 2022

rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

Hira : 117 (Agnus Dei)

Mpitarika : Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe

Fiangonana : (Vavaka nampianarin'ny Tompo)

FANASANA

Mpitarika :

Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika.

Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika.

Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

FANDRAISANA : F.F. 32, 133, 471

TENY FAMPAHEREZANA

(mitsangana)

Mpitarika: Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !

Fiangonana : AMENA

Hira : 266 (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

HAFATRA SY TSODRANO

Hira : 731, and. 1 sy 2 ("Enga anie ka homba anao Jeso")

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo.

Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao.

TSODRANO

Mpitarika : Ho aminareo anie ny Tompo !

Fiangonana : Ary ho amin'ny fanahinao.

Mpitarika : Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo; Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo; Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana

Amen! Haleloia!

Fiangonana : AMENA ! AMENA ! AMENA ! HALELOIA !

Hira : 731, and. 3 sy 5 ("Raha mitolona ady sarotra")

Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

Fiangonana : ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

FEON'ORGA FIRAVANA

Téléchargez
L' Appli
Fihirana Audio

Télécharger dans l'App Store
DISPONIBLE SUR Google Play